## Ny Valosoa sy hadihady

# Fanamarihana ny 29 martsa 1947
# Ny misy antsika 75 taona aty aoriana

Tsy misy azo ferana ny vava avoakan'ny olompirenena tsirairay ary ny mpitondra amin'izao fotoana izao dia miteny izay tiany ho tenenina, handemena saina na hanapempoana ny mpiray Tanindrazana. Ny « Asa Vita » anefa, hono, no hifampitsarana hoy ny teny filamatry ny antoko politika iray eto Madagasikara izay. Rehefa mandeha ny fitsarana dia tsy maintsy misy didy mivoaka hanamelohana na hanalefahana na hanadiovana tanteraka ny nanao ny "asa". Raha hitodihana ny lasa dia nanameloka ny mpanjanaka nanongana ny Mpanjaka Ranavalona III, ka nihetsika ireo tena tia tanindrazana nanohitra izany. Tsy afaka nanao na inona na inona anefa satria tsy nitovy ny hery. Nandritra ny fanjanahana kosa anefa raha ny asa vitan'ny mpanjanaka no hifampitsarana dia azo lazaina fa nampandroso an'i Madagasikara ny mpanjanaka. Marina fa nanao asa an-terivozona ny Malagasy tamin'ny nanaovana ny lalamby sy ny làlana nampifandray ny faritra samy hafa, kanefa nolovain'ny mpitondra taorian'ny namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena izy ireny. Nahavita fotodrafitrasa maro, toy ny làlana, trano fonenana (cités) maro, tsy teto an-drenivohitra ihany, fa hatrany amin'ireo faritany hafa. Tsy izany ihany fa tena nisy fiantraikany tena nahomby tokoa ilay "politikan'ny kibo" nampiharina tamin'ny Repoblika I, ary nanana fahefa-mividy ambony dia ambony ny vahoaka. Raha ireo asa vita tamin'izany no jerena dia, angamba, tsy tokony ho voaongana ny fitondrana tamin'izany, saingy ny fiandrianam-pirenena sy ny hasin'ny Tanindrazana no voahosihosy, ka nampihetsika ny hambompon'ny tanora teny amin'ny anjerimanontolo. Tsy nisy koa ny fahalalahana naneho hevitra, ka isan'andro vaky dia nandalo "censure" ny gazety, ka tsy vitsy ireo mpanao gazety naiditra am-ponja noho ny lahatsoratra navoakany. Saika nanarina ny tsy nety tamin'ny Repoblika I ny fitondrana miaramila (Directoire Militaire) nitantana ny firenena, 1972-1975, ka nifantoka tamin'ny famerenana ny fitantanana ifotony tamin'ny alàlan'ny Fokonolona ny ezaka, tsy azo tsinontsinoavina izany satria famerenana ny soatoavina Malagasy, ka tsy nety tamin'ny "fanjanahana amin'ny endriny vaovao" ka nofongorin'ny mpanjanaka indray. Nahavita "asa" ny Repoblika II teo amin'ny sehatry ny fanabezana satria nitsangana tamin'izany ireo Oniversite any amin'ny renivohi-paritany dimy, ankoatry ny eto an-drenivohitra. Niezaka nampiditra ny Firenena tao amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena toy ny "firenena tsy momba ny atsy tsy momba ny aroa" (pays non alignés), kanefa tsy niteraka vokatsoa ho an'ny Firenena izany satria tsy nampiharindoha ny toekarena, ka nilaharana isan'andro ny kojakoja ilain'ny mponina andavanandro, vary, menaka, sns, … Variana tamin'ny fitetezana faritra nijery ny zava-nisy niainan'ny vahoaka Malagasy loatra ny filohan'ny Repoblika III-1, ka tsy nitondra fivoarana teo amin'ny sehatra rehetra izany, ka raha ny asa vita no hifampitsarana dia tsy nisy nisongadina ka izany no antony iray nitarika ny fanesorana azy teo amin'ny toerany. Betsaka ny asa vita nandritra ny fitondrana Ravalomanana Marc, teo ny làlana manodidina ny iray alina kilometatra sy ny fananganana trano sekoly sy CSB ary tranom-pokontany tany ambanivohitra tany, ka hita ny sasany amin'izy ireny eny amoron'ny làlam-pirenena faha-7 ohatra. Ezaka lehibe tamin'izany ny namerenana ny hasin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Tsy nanana olana ny vahoaka teo amin'ny fahefa-mividy ary niakatra fito faingo roa isan-jato ny harin-karena. Raha ireo asa ireo no jerena tamin'ny Repoblika III-3 dia fanamelohana noho ny famadihana tanindrazana no didy mendrika ny mpanongam-panjakana. Amin'izao fotoan'ny Repoblika IV-2 izao dia ny fampanantenana no betsaka ary raha ny asa vita no hifampitsarana dia azo lazaina fa iray isan-jaton'ny "velirano 13"nataon-dRajoelina Andry, no vitany tao anatin'ny telo taona sy roa volana nitondrany. Ankoatr'izany dia latsaka ao anaty lavaka lalin'ny fahantrana ny vahoaka Malagasy, mivoaka amin'ny kiloadoaka ny harem-pirenena, ka mitotongana tsy misy toy izany ny harinkarena. Maro ny nampidirin'izao fitondrana izao any am-ponja noho ny antony politika, fa tsy noho ny famadihana tanindrazana. Mahafoy ny ainy noho ny fitiavany Tanindrazana, hono, izy araka ny kabariny tany Manakara tamin'ny fahatsiarovana ny 29 Martsa 1947. Raha ny zavamisy iainan'ny Firenena sy ny vahoaka Malagasy anefa no jerena, fanamelohana noho ny tsy fahaiza-mitantana sy tsy fahafehezana ny andraikitra sahaniny no hanongotra an-dRajoelina Andry eo amin'ny fitondrana. Tsy modely na fanilo mendrika hampitaina amin'ny taranaka ny fanehoan'izao fitondrana izao ny fitiavan-tanindrazana, satria tsy ho hitan'izao tontolo izao intsony izay handaharana an'i Madagasikara raha ny fahantrana no resahina.

*Andry Tsiavalona*

---

**FIAINAM-PIRENENA MIKOROROSY**

## Sioka tokana dia ho tonga sy hijoro ny Vehivavy TIM Analamanga

Tontosa ny sabotsy teo tetsy Bel'Air, misy ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny fifampiarahabana tratry ny taona ho an'ny Vehivavy TIM Analamanga. Vory lanona tao ny solontenan'ireo vehivavy TIM avy amin'ireo distrika mandrafitra ny faritra Analamanga dia ny avy amin'ireo Boriboritany miisa 6 eto Antananarivo Renivohitra, ny avy any Avaradrano sy Atsimondrano, ny avy any Ambohidratrimo, Andramasina, Manjakandriana, Anjozorobe ary Ankazobe. Nahatratra 900 latsaka teo ireo vehivavy niatrika izany fotoana izany, satria nozaraina tapakila na ticket ny solontenan'ireo vehivavy isak'ireo distrika amin'ny faritra Analamanga ireo, ka nahafahana nanisa azy ireo. Fotoampivavahana no nanombohan'ny fotoana ny sabotsy teo io. Nanakoako avy eo ny Hiran'ny Fandresena. Tamin'ny lahateny nataony, no nanambaran'ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga Arphine Rahelisoa, fa taonan'ny fijoroana ity taona 2022 ity araka ny toromarika avy amin'ny filoha nasiônaly Marc Ravalomanana. Tena sahirana sy mahantra ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana, ary ny vehivavy no tena mahita izay fahasahiranana lalina amin'ny fiainana andavanandro izay. Amin'izay fiainana mikororosy fahana eto amin'ny firenena izay hoy i Arphine, hijoro ny vehivavy TIM, ka sioka tokana dia ho tonga sy hijoro isika amin'ny fotoana rehetra, sy amin'izay rehetra mety hilana antsika. Fizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana, no namaranana ny fotoana, amin'ny maha mbola fankalazana ny Asaramanitry ny taona vaovao io fotoana ny faran'ny herinandro teo io.

*Isambilo*

---

Riananala, taranaka Panama sy MDRM

## Nilaza ireo zavatra mbola tsy voatantara momba ny 29 martsa 1947

I Riananala, taranaka Panama sy RMDM, no vahinin'i Rina Rabemananjara tamin'ny fandaharana Miara-Manonja manokana, natokana ho fahatsiarovana ny zava-nitranga tamin'ny fotoan'ny tolom-panafahana tamin'ny 29 martsa 1947. Tranga tsy mbola voatantara no isan'ny nozarainy, entina mieritreritra izao vanimpotoana sarotra diavin'ny firenena izao.

Naharitra ora roa ny fandaharana tamin'izany. Nambarany fa mankalaza ny faha-120 taonan'ny Akademia Malagasy isika izao. I Gallieni no tomponkevitra tamin'ny nananganana an'io Akademia io. Ny olomahay Malagasy rehetra no nangoniny tao dia mody hoe ho fampandrosoana an'i Madagasikara. Ny hafetseny anefa dia nitrandrahany ny tena maha-izy antsika tao. Dia mbola nitohy ihany izany hafetsena izany. Fantany tamin'izany fa adalambola sy voninahitra ny sasantsasany. Ny nahatonga ny tafika frantsay tafiditra teto Antananarivo dia nisy Malagasy nitarika noho ny vola sy voninahitra. Fa raha tena nivondrona dia tsy tafiditra izy ireo, satria efa 1500 sisa ireo miaramila no tonga teto fa be no ripaky ny tazo.

Dia navoakany amin'izay ny vazaha taratasy nentin'i Gallieni hanomanana ny ho avy. Namotika antsika tamin'ny lafiny rehetra izy. Tany Indochine dia nametraka ny tetika "politique de races" ny tenany ary naparitany taty amin'ny zanatany frantsay afrika izany, ametrahana ny zarazarao hanjakana. Satria rehefa miady an-trano ianao dia tsy misy mpiambina intsony ny tananana dia tonga izy maka, ary mbola mandaitra izany amin'izao fotoana izao, 125 taona aty aoriana. Misy Gallieni gasy.

Anisan'ny fahadisoan'ny fitondrana tamin'ny Repoblika faharoa, ny nampiditra politika sy fitantanana ny raharaham-panjakana, tao amin'ny tafika. Nifandraika tamin'i Gallieni mihitsy fa sady fitondrana no tafika. Hatramin'izao dia mbola mandaitra ao amin'ny tafika sy ny polisy ny politikan'i Gallieni zarazarao hanjakana. Tsy mety izany hoy i Riananala. Nanohy izy: "ialao ny akanjo napetrak'i Gallieni, fiakanjoana malagasy tsara amin'ny maha-miaramila sy maha-mpitandro filaminana anareo anaovana. Mipetraha ho isan'ny tandroka ho aron'ny vozona, fa tsy sanatria tandroka manapaka vozona".

Mila fanabeazana sy fikolokoloina ny fitiavan-tanindrazana, ary nandray ny andraikiny i Riananala tamin'ity fandaharana ity. Tsy lova io fa arahan'asa, hoy izy.

*Ny Valosoa*

---

### facebook NY VALOSOA VAOVAO

## La Pagode sy ny biraon'ny distrika Moramanga : nolokoin'ny mpisolelaka ho lokon'ny IEM



**Mandroso Randria :** MORAMANGA-AMBONY : Ny bureau District sy La Pagode dia nolaroin'ny entreprise ASC am look IEM daholo? Asa dia mba baiko avy aiza loatra?

**Jess Rakoto :** ireny mpisolelaka ireny angamba mivolomboasary koa ny lokon'ny dikiny.

**R'ndrafara Eric Albert :** ilay loko moa zan' manahirana fa TS n'y hakantony lay zavtr natao. zay lay WE aza miady@ télé jira....nef ianareo Zao miady@ loko.

**Yvon Rakotomalala :** R'ndrafara Eric Albert : tsy olana leitsy izany fa lokoy hatramin'ny fasan-drazan'ialahisany ah!ataovy IEM daholo fa izahay mitehaka fotsiny ah !

**Abigaëlle Amir Razafi :** R'ndrafara Eric Albert : manahirana miresaka @ olona itony... za aloha tsy mahita hoe kanto zao e !

**Mandroso Randria :** R'ndrafara Eric Albert : 'Zay lay saina rehefa te-ho borné na minia te-ho donto. Mamaky loko sy sary aza ity tsy hain'se koh mainka ve raha nisy soratra tokoa teo tsy mainka lozaaa !

Yvon Rakotomalala : tohizo fa tsara ny fisolelahana fa sady efa hita fa mampandroso ny fari-piainan'ny Malagasy eh! BRAVOOOOO!

**Fifaliana Rakotomalala :** aza omena tsiny fa izay no nianarany sy mba tàkany eh!

**Rafetinanahary Hery Mamy:** tsy maninona io fa reveo...

**Nicole Rakotondraina:** aza omena tsiny fa mbola zaza nahazo fahefana dia mba milalao mampiady kolera orange no mahafinaritra azy ireo e. Manao (coloriage ) lokoina volon-daoranjy i Madagasikara! Brô Jonah: Letie, inona koa tony loko foza orana be tony!

**Rasandratra Mialy :** marenina daholo ! Ianareo aza tsy mahavita! Aza be fialonana! Mpanenjika touzouro afara!

**Jao JJ Rakoto :** ôtrany beige ny lokom-panjakana raha tsy diso za!

---

### TONONKALO

## ERITRERITRA 29 MARTSA

Nidongy indray `nareo mpitondra ka tsy hita sy tsy tazana,
Tamin`ny fiombonam-bavaka mba ho an`ny tanindrazana ?
Sa dia nisy "teny midina" ka izay no niombonana,
Ary indro nampiesonina ny fiombonan`ny fiangonana ?

Moa tsy mahazaka kiana f`efa tsy avotra intsony,
Ianareo mpanatanteraka izay mitoetra ery ambony,
Ka hatramin`ny toriteny no efa tena atahorana
Sao hamelively fatratra ny tariky ny fozaorana ?

Nidongy indray fa dia nahoana , saika `nareo manontolo.
(Tena vitsy ireo nipoitra fa nanepoka daholo ?)
Izay no tena nanehoana ny amin`ny maha « iray vatsy » ?
Sao hivadika izy ity ka ho fiombonana amin`ny ratsy !

Ianareo mihitsy ve no efa kamo sy malazo,
Sa ny olon`ny fiangonana no efa tena tsy azoazo ?
Izay no tena mampalaina sy efa tsy dia mampavitrika,
Ka raha izy ireo no miantso dia mazàna no misitrika ?

Andron`ny karemy izao ka dia meteza handini-tena.
Aoka izay ny fisarahana fa manimba firenena.
Tena mila anao mpitondra mihevi-tena ho maranitra,
Mba hiverina hivavaka , hitodika amin`Andriamanitra !

Fa vao mainka koa ho rambony sy tsy handroso i Gasikara,
Raha hatramin`ny fiangonana no anaovan-toetra maramara.
Sarobidy izany atao hoe fandalàna fihavanana,
K`aoka tsy hifampikitrana fa meteza hanolo-tanana.

Tena mila anao mpitondra ho modely sy ho fianarana,
Ka hanao izay hampiatoana ny ady sy fifandafarana.
Eny, asaina ianao mpitondra sy ireo vahoaka entina,
Ho amin`ny tena fihavanana, madio tsy misy pentimpentina !

*IRINA HO TAFITA (30-03-22)*